



INTERNATIONAL GUIDELINES FOR RESPONSIBLE **DIVER**

DINA IRAISAM-PIRENENA HO AN'NY MPIJOBOKA AN-DRANOMASINA TOMPONANDRAIKITRA

*Miaraha aminay!
Samia tomponandraikitra
Mba ho masoivohon'ny taona arivo fahatelo...*

Albert Falco

*Lehiben'ny mpijiboka sy Kapiten'ny Calypso taloha
Filoham-boninahitry ny Longitude 181 taloha*

François Sarano

Namorona ny Longitude 181

Patrice Bureau

Filohan'ny Longitude 181

Longitude 181

120, Chemin du Bois Malatras - 38160 Chatte - Francee-mail :
contact@longitude181.org - site : www.longitude181.org



INTERNATIONAL GUIDELINES FOR RESPONSIBLE DIVER

Namana mpilentika an-drano,

Itsidiaka harandriaka mahafinaritra marobe ianao, ifanena amin'ireo antsatsa, ahita trozona, ahita ny tontolon'ny ranomasina rehetra ianao.

Koa amin'izany, ivantana mandritra ny andro vitsivitsy, amina firenena iray ianao, izay efa manana mpanjono, mpamboly, mpivarotra mivelona mandavataona. Ny fombany dia miavaka amin'ny anao. Sasy matetika ny harena voajanahary ivelomany. Indrindra ny rano mamy, izay sarotra hita ka sarobidy.

Tsy mijanona eo amin'ny hotely ivantananao na tsara tahaka inona aza izany ny fainam-pirenena. Araraoty ny fotoana malalaka rehefa tsy mijoboka an-drano ianao ahitana fijery hafa, ahenoana tantara hafa, ho gaga ianao amin'ny haren-tsaina sy ny fandraisan'ny olona miaina ao.

Ambony noho ny an'izy ireo matetika ny fahefa-mividinao. Aza ampiroborationa ny fandrobana ny harenan-dranomasina. Ary ho an'ny ho avy, ny fahantran'ireo mpanjono amin'ny alalan'ny fividianana voan-dalana mampalahelo toy ny nifin'antsatsa, akorandriaka, karaoka, sokatra/fano/kapiky. Lavo mafy ny lasopy misy elatra atsantsa sy sokatra, izay jonoina tsy ara-dalana. Mety ho fongana tanteraka ireny biby ireny.

Hitsidiaka tontolo velona ianao ao anaty rano, tontolo mahafinaritra nefo marefo izany. Ny fifampikasohana sy ny fifandonana dia manimba ary mamono ny zava- mananaina izay manome endrika ny faritra hozahanao. Ny fanakorotananao dia miteraka fahatahoran'ny trondro izay miaro ny atodiny, ka mamela ireo atody eo imason'ny mpihaza azy. Manakorontana ny fitobohana eo anaty andian-trondro sy manimba ny fihetsiny ny famahanana sakafo.

Maniry ny hahita tontolo andranomasina dia sy manan-karena sahala amin'ny notsidihiiinao androany ianao. Maniry ny hizara izany harena voajanahary izany amin'ny namanao sy ny zanakao ianao, koa samia liana, mahaiza mitandrina, mifatonka ary manaja...!

Amin'ny alalan'ny fihetsikao anio, no hametrahanao tontolo voatahiry, amelanao fihetsem-po amin'ny fihaonana amin'ny antsatsa sy trozona, mampisy fitsangatsanganana an-dranomasina mahafinaritra sahala amin'ny niainanao amin'ireo andiana mpilentika manaraka ianao.

François Sarano
Founder
Longitude 181 NATURE





Mpilentika an-dranomasina tomponandraikitra

Ity dina ity dia fanitsy zotra sy sata. Tsy fitsipika fanelerena akory!

Ny torohevitra omeny dia raisina arakaraky ny toe-jaza-misy sy ny toerana ilentehana. Ny tanjony dia anosika ny tsirairay hitandrina sy hametraka ny fepetra rehetra hahatomombana ny filentehana ary ho fiarovana sy fandrindrana marina ny harenan-dranomasina.

1- Omano ny dianao

Tsy mitovy ny tolotra atao'nny agences de voyage sy ny centre de plongée. Ny sasany dia miezaka miaro ny tontolo ampisehony anao, mba hifandrindra @ mponina eo an-toerana. Lafo ho azy izany, lafo ho anao koa, anefa raha miaraka, dia miara misalahy amin'ny fampandrosoana maharitra an'ny tanintsika. Noho izany, aza ankinina amin'ny sarany ihany ny fikarohanao.

- Safidio ny agence de voyage manana dina etika
- Safidio ny Centres de Plongée responsable, manome lanjany manokana ny fiarovana ny harena an-dranomasina (fanadiovana ny rano maloto, fampiasana bouées de mouillage) ary mampanjary ny fampandrosoana eo an-toerana.
- Mangalà filan-kevitra momba ny ekôistema hozahanao.
- Hadihadio ny fianan'ny mponina mandray anao: fomba, loharananonkarena, toe-karena.

2- Alohan'ny fijobohana

- Kolokoloy ny vatanao. Raha tsy niroboka ianao nandritra ny fotoana maro, ataovy ny fampiharana ny mitsingevana: poumon-ballast, gilet, lestage optimal.
- Hadihadio mialoha ny momba ny toerana ijohobanao, ahatonga lafatra ny fotoana ijohobanao. Mba tsy ho mpitazana fotsiny manoloana ny tontolo tsy fatantrao, Ho hainao tsikelikely ny momba ny fainana an-dranomasina rehetra. Satria ho hainao ny manavaka ireo biby, ny toe trany, ary ho fantarao ny toerana ahitana azy. Ho hainao ny mizaha ireo biby miafina marobe rehetra.
- Mangataha horonan-tsary mamaritra ny ekôistema amin'ny centre de plongée misy anao.
- Mangataha ny lisitry ny karazana biby arovana, tsy azo hazaina, ary ny lalàna momba azy ireo.
- Hadihadio ny foto-drafitr'asa atao'nny centre de plongée momba ny fiarovana ny tontolo an-dranomasina (bouées de mouillage...)



INTERNATIONAL GUIDELINES FOR RESPONSIBLE DIVER

3- Ao anaty sambo

- Aza manary na inona na inona anaty rano
- Aza mampiasa vilia sy vera plastique izay tsy levona raha tsy amam-polotaona maro.
- Mangataha ny hametrahana daba-pako eo @ « pont »n'ny sambo anasiana borika sigara (izay tsy mety lo raha tsy fotoana maharitra), ny fako plastique, ny fonon-javatra vita amin'ny aluminium, sns...

4- Eo ampijobohana

- Dieny tafiditra ao anaty rano, aza adino ny mandrafitra ny lestage-nao raha ilaina.
- Vohizo moramora ny palmes-anao mba tsy hanakorontana ny rafi-piaianana an-dranomasina.
- Sorohy ny fikasohana @ zava-maniry sy ny biby mialoka ao. Marefo izy ireo ka mamono azy ny fifandonana matetika.
- Aza maka n'inona n'inona afa-tsyz sary
- Avelao hiaina milamina ny biby andranomasina, raha miafina izy, aza korotanina, fa efa miasa saina loatra izy. Endraso am-pilaminana dia hivoaka indray izy.
- Sorohy ny manome sakafy ny trondro. Manakirontana ny ekôsistema efa mipetraka izany.

5- Ao aorinan'ny fitsobohana

- Ezaho tsitsina ny rano mamy, io no harena sarobidy indrindra.
- Mangataha fitaovana natao itsitsina ny rano: siny fitahirizana rano fanakobanana ny fitaovana, fandroana misy tam-pi-koriana mitsitsy.

6- Mandrintra ny fivahinianana

- Asa misalasala mivoaka ny centre de plongée sy ny hotely misy anao: ahita tontolo vaovao izay miandry anao ianao.
- Aza mividy fahatsiarovana avy amin'ny ranomasina toy ny: nifin'antsatsa, sokatra, kiririndolo (étoile de mer), soavalin-dranomasina, akorandriaka.
- Lavo ireo toeram-pisakafoanana mandroso elatr'atsantsa, henan-tsokatra sy trozona, ary ireo trondro voaranto amin'ny fomba tsy ara-dalàna.
- Antinao amin'ny mpiandraikiry ny toerana isakafoananao ny fomba nanjonona sy ny fiavin'ny ny hazandrano harosony, ary ireo fiaraha-miasa misy amin'ireo mpanjono eo an-toerana.